


# NIAKARAN'NY TOMPO - TAONA D2022



« Raha mbola nitso-drano azy Izy, dia nisaraka taminy, ka nakarina ho any an-danitra »

Ry Kristianina havana, efapolo andro lasa izay no nankalazantsika ny Paka, nankalazantsika ny nitsanganan'i Jesoa ho velona, izy izay tsy nanota dia nanaiky ho fahotana mba hanapotika ny fahotana ao am-pasana. Nalevina izy ka nalevina niaraka Aminy ny fahotana Nitondra

fiainam-baovao ho antsika izy ka nahatonga antsika ho zava-boahary vaovao, ho Eglisy Olona Velona tokoa **imanorina** Eglisy Tranon'Andriamanitra dia ilay tranobe iombonantsika nolazain'ny Papa Ray masina tamin'ny Karemy. Fa noho ny fahotantsika dia potika ny tontolom-piainantsika satria tsy voakolokolontsika noho ny fitiavan-tena noterentsika manaraka ny

sitrapontsika ka lasa fahavalo ny zava- boahary ary izany no mahatonga antsika ho sahirana. Na ny rano aza efa manahirana, ny rano dia vokatry ny ala izay nopotehintsika tamin'ny tevy ala sy afo, maro isan-karazany ny fanimbana ataontsika. Vokatry ny fahotana izany rehetra izany satria ny fitiavan-tena no mahatonga an'izany ka amin'izao vanim-potoanan'ny Paka izao dia antsoin'i Kristy isika hanavao izany rehetra izany, hanavao ny toe-piainantsika, ny tontolom-piainantsika izay feno herisetra vokatry ny fialonana sy ny avonavona ka havaozin'i Kristy nandresy ny fahafatesana sy niakatra any an-danitra isika mba ho olom-baovao ao aminy. Niala amin'ny fiainana tsizarizary isika ka nandresy miaraka amin'i Kristy ka tonga

Vakiteny I : Asa 1, 1-11

Tononkira : Salamo 46

Vakiteny II : Efez. 1, 17-23

Evanjely : Lk. 24, 46-53

zava-boahary vaovao ao aminy. Mihalavorary isika na dia fantantsika fa ny maha olombelona antsika dia eo ihany satria miloloha lanitra ka mety lena, mandia tany ka mety ho solafaka fa noho ny famindram-pon'Andriamanitra dia tonga mpamafy fiadanana isika satria nandresy ny fahafatesana i Kristy. Izany dia fiadanana tsy araky ny fiheveran'izao tontolo izao fa fiadanana vokatry ny fandresen'i Kristy ka afaka mifanasoa sy mikatsaka ny soa iombonana ary hampanjaka ny fandriam-pahalemana. Ka na ny aty ivelany na ny ao anatintsika dia fiadanana sy ny tontolom-pinoana vaovao izay mahatonga antsika manorina tontolom-plainana vaovao ka zary taranaka mpanorina tokoa isika.

Nobanjinintsika nandritra ny 40 andro : I Jesoa velona eo anivontsika, I Jesoa mpiandry ondry tsara izay na hafo ny ainy ho antsika, I Jesoa izay tsy lavitra antsika manome antsika ny Fanahiny mpankahery sy mpanavao. Nilaza izy hoe "*mbola maro ny tiako ambara aminareo fa tsy zakanareo ankehitriny ka ho avy ny Fanahy mpanafaka alahelo sy Fanahy mpankahery*".

Androany dia miaraka amin'ny Eglisy manontolo isika mankalaza ny "ascension", I Jesoa izay nandresy, eo anivontsika izy. Ny vavaka ataontsika amin'ny prefasy amin'izao andro ankalazantsika an'i Jesoa niakatra any an-danitra izao, dia manambara fa i Jesoa dia mpanjaka be voninahitra, Izy nandresy ny fahotana sy ny fahafatesana dia niakatra any antampon'ny lanitra, hobin'ny Anjely, mpanelanelana an'Andriamanitra sy ny olombelona, mpitsara an'izao tontolo izao. Tsy handao antsika ny niakarany any an-danitra fa any no tena toerantsika sy ny hasambarana ary ny fiadanana mandrakizay. Tsy manao kobaka am-bava i Jesoa ilay miara-dàlana amintsika fa dingana vaovao no ankalazantsika ny Paka amin'izao andro ankalazantsika ny Niakaran'ny Tompo izao. Ny fankalazana ho antsika tsy hoe "souvenir" fotsiny na "anniversaire", marina fa fahatsiarovana izany fa noho ny fahasoavan'Andriamanitra sy ny Fanahy masina dia mivelona ny zavatra miseho tamin'ny fiainan'i Jesoa isika. I Kristy izay niakatra any an-danitra dia Paka ho antsika, 40 andro taorian'ny nitsanganan-ko velona dia niseho tamintsika izy ary nanambara ny fiainam-baovao ao amin'Andriamanitra ka mahatonga antsika ho oloaraiky ao amin'Andriamanitra. Oloaraiky rà amintsika no tafita any an-danitra amin'ny fiainana mandrakizay, izany no ankalazantsika amin'izao "ascension" izao. Manentana ny fo amam-panahintsika na dia eo aza ny maha olombelona miloloha lanitra antsika ka mety ho solo faka, hiala amin'ny fiainana tsizarizary ka miditra amin'ny fiainam-baovao dia ny fiainana any an-danitra. Tsy hoe mampanonofy i Kristy satria ny fiakaran'i Kristy zanaka dia efa fanandratana antsika olombelona. Mitodika amin'ny Rainy mivavaka ho antsika izy mba ho tafita koa isika ary ny voninahitrin'ilay finoantsika kosa dia efa fanantenana ho antsika ratsambatany.

Tsy hoe entina manonofy izao fankalazana izao fa feno fanantenana isika ka na dia eo aza ny herin'ny ratsy, ny herin'ny demony dia nandresy i Kristy ka raha miaraka aminy isika dia feno fanantenana. Izany no anirahan'ny Eglisy antsika.

Ny evanjely androany milaza amintsika hoe :"*Araka ny voasoratra, dia tsy mantsy hijaly i Kristy sy hitsangan-ko velona amin'ny andro fahatelo, ary tsy mantsy torîna amin'ny firenendrehetra, miantomboka amin'i Jerosalema ny fibebahana sy ny famelan-keloka amin'ny Anarany.*

Araka izany, ny fanantenantsika dia ny famindrampon'Andriamanitra izay mandrakizay sy ny

fifamelan-keloka mitondra antsika amin'ny fiadanana. Ny dingana tsy maintsy ataontsika amin'ity fiainana fandalovana ity dia ny mibebaka. Marina fa tsy vitan'indray mandeha ny fibebahana, ady sady dia ny fiainana. Izany ny fibebahana. Miala amin'ny ratsy ka miditra amin'ny fiainam-baovao amin'ny alalan'ny tsara no tsy maintsy andresena ny ratsy ka mahatonga antsika ho mpamafy fanantenana eo anivon'ny fiainana izay fantantsika fa maro ny sedra tsy maintsy atrehintsika. Mila fibebahana izao andro izao raha tiantsika ho Eglizy Olona Velona isika, tsy maintsy miala amin'ireny fiainana mifanapotika ireny, manapotika ny tontolo iainana, manapotika ny tontolom-piaintantsika, manapotika ny tontolom-pinoantsika ireny lainga sy fitapitapitaka ary risoriso, tsy mampandroso ny fiainantsika ka manapotika ny fiainan'ny fianakaviana, ny fiaraha-monina, ny firenena ka enga anie izao fankalazantsika ny "ascension" izao hampianatra antsika hiroso lalindalina kokoa sy araka ny fampianaranana amin'ny vakiteny voalohany androany, hanaiky ny fampianaran'ny Fanahy masina isika, ilay fanahy hanampy antsika handray ny tenin'Andriamanitra.

Ho vakiantsika isanandro any amin'ny fianakaviana Eglizy kely izany tenin'Adriamanitra izany ka entintsika hampiharina amin'ny fiainana. Rehefa miaraka manao sapile koa isika dia zary "chapelle portable" ny fiainantsika satria mandinika ny misterin'ny famonjena antsika dia ireo mistery 4 : ny fahatongavana ho nofo, mistery mampalahelo hibanjinantsika ny famonjena antsika, ny mistery be voninahitra sy mistery mamira-pahazavana. Mandinika izany mistery izany isika rehefa manao ny raozery ka tsara ny hanaovana azy miaraka amin'ny fianakaviana izay hanampy antsika handinika ny toetran'i Jesoa ka hahatsapa ny fandreseny izay manampy antsika hanomana sahady ny fiainantsika any an-danitra. Izy Jesoa rahateo nampanantena fa mbola ho avy indray "*Tahaka ny nahitanareo niakatra no hahatongavako indray*" ka ho feno voninahitra isika.

Ry Jesoa Tompo ô, ankalazainay androany ny fiakaranao any an-danitra ka enga anie ho entanin'ny Fanahinao masina izahay araky ny hafatrao ka tsy hibanjina ny lanitra fotsiny izay fanantenana ho anay fa hamafy ny fanantenana fa nandresy ianao ary any an-danitra ny hasambarana ka hitoetra ao aminao izahay. Ampio izahay ho EOV tokoa, Eglizy Olona Velona, hanitatra ny fanjakana amin'ny toerana rehetra amin'ny alalan'ny famafazana ny hafalian'ny Paka, amin'ny alalan'ny fijoroana ho vavolombelona marina, amin'ny alalan'ny famafazana amin'ny toerana rehetra ny tsodranonao, amin'ny alalan'ny fifamelan-keloka sy fifamindram-po avy aminao ka hahatonga marina tokoa ny fiadanana eto anivonay. Enga anie hahay hanararaotra izao Sinaody izahay ka ho Eglizy Olona velona velomin'ny Batemy, miombona, miara-dalana, mandray an-tanana, miroso ho misionera Tabernakla velona. Ry Maria Renin'I Jesoa, mankalaza an'I Jesoa Niakatra any an-danitra izahay ary eo ampanomanana ny Pantekôty, miaraha mivavaka aminay mba ho feno ny Fanahy Masina tahaka ireo Apostoly izahay ka ho sahy hijoro ho vavolombelona zary Kristy Mpîara-belona amin'ny Olona. Ianao no Tabernakla velona voalohany ka ampianaro izahay hahay handray an'I Jesoa sy hitondra Azy amin'ireo "Elizabeta" marobe tsy mbola mahalala an'I Jesoa. Md Josefa, mivavahà ho anay mba ho vonona handray andraikitra izahay ka samy hikolokolo izay manodidina anay na zava-boaary io na fiaraha-monina na Eglizy. Amen

Mompera Arseveka Benjamin Ramaroson